TRANGA MAMPALAHELO SY MAMPIVONTO FO

# Mpivady tratra nangalatra

Nisehoana tranga mampalahelo sy mampivonto fo nitranga tany Toamasina tamin'ny fiandohan'ity orinasa ity. Olona 3 no nandrava mpivarotra iray tao Mangarano. Teo ampidirana entana tao amin'ny tsenany ilay Mpivarotra no tamy izy telo ireo, tonga dia naka ny zavapisotro toy ny toaka tao amin'ilay mpivarotra. Niantso Vonjy ilay mpivarotra, ka nifanenjehan'ny olona izy ireo. Ny iray tafandositra, fa izy mivady samy mpangalatra kosa, no tratran'ny Police avy ao amin'ny Commissariat Mangarano .Haingana mantsy ny fahatongavan'ny police satria nisy police nanao fisafoana teo akaiky teo, ka afaka nisambotra avy hatrany azy mivady ireo, fa raha tsy izay dia efa nofaizin'ny vahoaka tao an-toerana izy ireo. Efa mandeha ny fanadihadiana. Marihana fa andro antoandro no nitrangan'izao halatra nataon'izy mivady izao.

**Stefa**



*Izy mivady, tratra nangalatra tany Toamasina.*

Anosibe

# Saofera nodarohan'ny patrô tamin'ny clé, ka torana avy hatrany

Misy amin'izao fotoana ireo patrô na mpampiasa manampatra fahefana amin'ny mpiasany. Afak'omaly no nitrangan'ity tranga iray ity: tranga nampalahelo iray niseho teo Anosibe afak'omaly io. Saoferana taxibe 110 iray no novonoin'ny mpampiasa azy, nodarohiny tamin' ny clé ny fihirifany, ka torana avy hatrany. Nentina teny amin'ny Hopitaly Hjra, rehefa nahatsiaro tena ilay saofera dia efa polisy no niandry azy teo, fa hoe ho torin'ilay patrô ndray hono izy. Ilay saofera avy hatrany dia nitsoaka raha vao nahita izany, satria natahotra, voalaza fa mahalala olona maro ao amin'ny polisy central ilay patrô, ka izany no entiny andrahonana saofera maro mihintsy, izay efa fanaony. Tsy vao voalohany no nanao izany ity patrô ity raha ny vaovao voaray, fa efa fanaony ny mamono ny mpiasa ao aminy. Koa manaitra ny sain'ny tompon'andraikitra ireo saofera efa niharan'ny herisetran'ity mpampiasa ao Anosibe tompona taxibe 110 ity, mba hanaraka akaiky izao toe-javatra izao.



*Ilay saofera niharan'ny herisetran'ny mpampiasa azy.*

**Niaina**

Faritra Alaotra Mangoro

# Miverina tsikelikely amin'ny laoniny ny fiainan'ny mponina



*Ny famonjena voina nataon'ny miaramila, tany amin'ny faritra Alaotra.*

Anisan'ny lasibatra tamin'ny tondra-drano, nitranga andro maromaro lasa izay teto amintsika ny any amin'ny faritra Alaotra Mangoro. Araka ny vaovao voaray avy any an-toerana, manomboka miverina amin'ny laoniny tsikelikely ny fiainan'ny mponina ao amin'ny faritra Alaotra Mangoro ity. Efa nahitana fidinana ihany koa ny haavon'ny rano, ka tsy misy ahiana ny fiainan'ny mponina. Araka izany dia tsy misy intsony ny vonjy voina atao amin'ny sambo kely haingam-pandeha, raha ho an'io faritra io manokana, izay nataon'ny miaramila avy amin'ny CPC, na ny Corps de Protection Civile, izay anisan'ny miandraikitra ny famonjena voina amin'ny tranga toy ny nisy farany teo, teto amintsika ireny.

**Niaina**

## Taratasin'ny mpamaky

Manoloana ny valan'aretina coronavirus mitranga any Chine amin'izao fotoana, sy torohevitra ho fisorohana izany eto amintsika. Ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao, ny mpamaky azy, ary ny vahoaka Malagasy tsy ankanavaka izao manarana izao : vahaolana sady tsara indrindra raha sendra tonga aty amintsika tokoa ilay tsimokaretina coronavirus dia toy izao ny fanafody aminy, sady tsotra nefa mandamina, dia ny fihinanana tongologasy potehina dia avy eo ampangotrahana tsara amin'ny Rano 1 litatra. Rehefa hita, fa somary marihitra tsara tahaka ny jus de citron ireny dia azo hanina, iray vera maraina sy alohan'ny hatory dia mandositra ny " Coranavirus ". Vaovao vao azoko avy any chine izany partage-o amin'ny namana sy havana rehetra, raha mety aminao, fa raha tsy mety dia miandrasa ny fahatongavany dia hita eo tohiny, enga nie mba tsy ho tonga aty izany.

***Laza Rajaoanarivelo***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao.***

Ben'ny tanànan'i Manjakandriana

# Vita soa amantsara ny famindrampahefana

Tanteraka antsakany sy andavany ny alarobia 29 janoary 2020 lasa teo, tamin'ny 11 ora maraina, tao amin'ny biraon'ny kaominina ambonivohitra Manjakandriana, ny famindrampa-hefana teo amin'ny ben'ny Tanàna teo aloha Ramatoa Ravaloriaka Evah sy ny ben'ny Tanàna vaovao voafidy tamin'ny antoko Tiako i Madagasi-kara, Fitia Rakotondrahiratra ary ireo mpanolo-tsaina vaovao. Izany dia natao teo anatrehan'ny fitondrampanjakàna notarihin'ny lehiben'ny distrikan'i Manjakandriana miaraka amin'ny manampahefana sivily sy miaramila ary ny lehiben'ny fokontany manodidina. Nanambara ny ben'ny tanàna vaovao fa vonona hanohy ny fampandrosoana ity kaominina ity ny tenany.

**Helisoa**

Arnaud mpilalaon'ny Barea

# Voasakana tsy afaka hilalao any Grenoble Frantsa

Voasakana tsy afaka hilalao baolina kitra, hila ravinahitra any Grenoble Frantsa i Arnaud mpilalaon'ny Barea. Noho izay antony izay, nisy ny fanambarana nataony:

Manao ity fanambarana ity ny tenako Arnaud Andriamanantena (Yaya),lohalaharana ao amin'ny BAREA, mahakasika manokana ny momba ahy ary amin'ny fifindran-toerana tsy raikitra, izay tokony ho natao tamin'ny ekipan'ny GF38 aty Grenoble Frantsa.

Niady hatramin'ny farany aho ny ho nahazoako ilay "Certificat de transfert International", fa tsy azoko ilay izy satria tsy nifandamina ny club tokony hanome ahy an'izany.

Ny vokany :

.Nanapa-kevitra ny club GF38 ny hampody ahy.

.Kivy tanteraka ny GF38 sy ny ankabetsahan'ny Club matanjaka aty France, ka tsy hanao ny mpilalao gasy ho laharampahamehana intsony.

**Voalohany :**

Betsaka ny nanome tsiny sy nandatsa fa tsy nanaradalàna aho. Fanontaniana no avaliko azy: " nanara-dalàna ve ny CNAPS sy ny AJESAIA tamin'ny Mutation-ko teo aminareo 2 tonta ? Iza no nanao ny licences- ko hatrizay nilalaovako baolina, fa tsy misy zavatra haiko ny momba ahy, fa olona foana no nanapa-kevitra teo amin'ny toerako, ary nasaina nanara-drelirano teny foana aho satria olona tsy ampy fianarana. Mitaky ny fahamiranana aho tompoko.

**Faha-2,:**

- Misaotra ny Ray ao ambony nitantana ny zavatra rehetra nataoko hatramin'izay, ka hatramin'izao.
- Misaotra ny "club GF38" izay isan'ny nanome lanja ny fahaizako baolina, ary nanao ezaka ny hahatongavako ho anisan'ny fianakaviamben'ny ekipa.
- Misaotra an'i Jérôme Mombris nanampy ahy ary nampahafantatra ny momba ahy.
-Misaotra koa an'ireo fianakaviamben'ny Malagasy aty Grenoble, izay nanampy sy nanoro lalana amin'ny zavatra rehetra aty. Faly aho fa mahafinaritra be ny firaisankina nasehonareo ary tsara tsy manampaharoa ny fiarahamonina iainanareo.
- Misaotra an'i Tatach sy dokotera Maharo tamin'ny fanehoankevitra sy fampiantranoana.
- Misaotra ireo rehetra mpikirakira baolina kitra nanampy ahy amin'ny fo madio ary tsy nieritreritra resabola ary tsy nihatsaraivelatsihy hatrizay ka hatrizao.
-Ary misaotra anareo rehetra mpitambazotra sosialy izay nanome moraly sy naneho fahatsorana amiko.

**Faha-3**

Maneho ny alaheloko etoana aho amin'ireo olona izay atao hoe Ray aman-dreny natao hanampy sy hampandroso ny tanora, ka nangatahako fanampiana kanefa nanao be marenina ary tsy namaly ny fangatahako.Tsy mba nanao fandinihana "cas par cas" fa nitsipaka ankolaka ny momba ahy manokana. 19 taona monja aho, tsy mba noraisinareo toy ny zanakareo, fa nampizakainareo ny ady misy amin'ireo club ireo .

Boribory ny tany ary mandalo isika rehetra eto an-tany, mbola samy handalo sedra daholo ny tsirairay.

**Faha-4**

Manentana ireo namako mpilalao baolina kitra "pro" rehetra aho, samia mijery ny taratasy ary hanaramaso akaiky ny taratasy momba azy(contrat,mutation, licence), fa ho lasa" Otage" toa ahy rehefa vory elatra ka hanidina ianareo. Tsy misy hitsinjo ny hoavitsika raha tsy isika ihany.

**Farany**

Raha ny ho tohin'ny fiainako dia : ho raisiko an-tanana tanteraka ny mikasika sy ny mombamomba ahy manontolo manomboka izao. Hilalao baolina ve sa tsy hilalao intsony aho? izaho ary izaho irery no tompon'ny "décision"-ko. Any amin'ny "conférence de presse" aho no mamaly azy. Ny mpisolovava-ko no hitondra ny teniko, raha toa ka izany no hampety azy.Misaotra namaky hatramin'ny farany, hoy izy.

***Nangonin'i Lita***



*Arnaud (ankavia) sy Mombris any Grenoble.*